# III.- ASA AMAN-DRAHARAHA



# Ny akoho amam-boron'Ineny

Ineny no manana akoho amam-borona be indrindra ao antananany. Ary izy ihany no mahalala ny tena isany.

Tsy tapaka ny mandefa atody sy vantotrakoho ary vorona hamidy izy, isan-tsena.

Filazany matetika ny hoe : Ireo akoho amam-borona ireo rankizy no mpanentsina ny tsy ampy amin'ny vola ilaina ato antokantrano.

Samy manana ny tranony avy ireo vorona ompiana ireo : ny gisa sy ny kanakana ary ny dokotra sy ny sariny mitokana, ny akoho sy ny vorontsiloza mitokana. Efitra hafa no fikotrehan'ny manatody, ary hafa ny an'ny mitaiza.

Vita simenitra daholo, fa tsy mba tany, ary misy tsivalankazo fitaingenana ny tranon'akoho.

Fafana isa-maraina ary asiana mololo. Tsy maintsy sasana koa isan-kerinandro ary tondrahana ranompanafody.

Valabe mifefy makarakara no iriariavan'ny akoho sy ny vorontsiloza fa tsy mba mihenjy toy ny eo an-tanàna rehetra.

Mahafinaritra ny mahita an'Ineny itangoronan'ny akoho amamborona rehetra, rehefa mitondra hanina ho azireo.

Izahay ankizy koa dia manampy an'Ineny arak'izay azonay atao, ary samy manana akoho na vorona mahazatra azy avy.



**Hazavao :** Tsy tapaka — mpanentsina — ny dokotra sy ny sariny — itangoronany

**Ohabolana :** Akohokely latsak'an-kady, hiantso kely feo, hanidina tapak'elatra



# Mamafa trano

Nahoana ange ry Ineny ny trano, no fafana isan'andro, ary fafana matetika isan'andro aza ?

Tsy iza fa Izanany izay manao fanontaniana adaladala izay, hoy Ineny.

Satria tsy tsara ny maloto. Ary isaky ny maloto, dia tsy maintsy fafana. Maloto satria ivoahana sy idirana, isakafoana, amotehanareo taratasy, anidinan'ny vovoka avy any alatrano. Tsy hita maso ny vovoka nefa mitambatra ka mandoto.

Ary maharikoriko ny maloto, fa mahafinaritra kosa ny madio. Ny trano tsy fafana matetika dia tian'ny voalavo sy ny totozy onenana, mety be parasy, iangonan'ny lalitra. Sady mandevonjavatra ireo biby ireo no mety mitondra aretina, ary misy aretina tena ratsy mihitsy mety ho vokatr'ireo bibikely ireo.


Nandre ny : « aretina » Izanany dia nilaza hoe : Ndeha handio trano aho ry Ineny. Nandray kofafa tokoa izy, ka nony nadio ny tany ambany fanaka rehetra, dia namaoka ny fanaka. Satria mahay mamafa trano tsara Izanany saingy kamo.

Antenaina fa tsy ho kamo intsony izy noho io nolazain'. Ineny taminy io ary tsy hiandry baiko.

**Hazavao** : **Fafana foana — amotehana — alatrano**

**Ohabolana** : **Madio fitafiana toa vorompotsy nefa mitsindroka am-pihinanana**

**26**



# Hamboly voaloboka izahay

Mba hanandrana hamboly voaloboka aho, hoy Idada indray andro, satria mety lafo enina ambin'ny folo ny kilao iray raha tsara tarehy.

— Ka aiza no tany hasianao azy ? hoy Ineny.

— Itsy ambony atsimon'ny tanimbary itsy azon'andro tsara eo, fa ilana hainandro hono ny voaloboka.

— Dia nampihady lavaka mitomandavana dimy sosona Idada. Efa-jehy ny sakany ary iray metatra mahery ny halaliny. Telopolo metatra ny halavan'ny lavaka anankiray.

— Io ihany aloha no hatao andrana; ka raha vanona, dia fenoina daholo io tanety atsimo manontolo io.

— Ka hatao ahoana ireo lavaka be ireo ry Idada, hoy aho. Ho fenoina nofontany sy bozaka ary zezika ireo aloha. Rahefa avy taona vao volena voaloboka.

— Sarotra izany fambolena voaloboka izany.


— Tsy sarotra akory fa tsy maintsy atao izay fomba mety rehetra sy azo antoka hahazoam-bokatra tsara.

Tiako ho tonga haingana ny taona ho avy hahitako ny voaloboka maniry.

27

**Hazavao** : **Mitomandavana — Efa-jehy — raha avy taona**

**Ohabolana** : **Masa-tery toy ny voalobo-jaza.**



# Ny sarety

Manana sarety anankiray Rabe. Tsy mba hazo mifono vy ny kodiarany fa vy mifono fingotra, mitovitovy amin'ny kodiaran'ôtômôbilina, hany ka sady mora tarihin'ny omby no tsy manimba làlana, ary tsy mba midilodilotra.

Mafy tsara ny tenany rehetra. Tsy misy mihetsiketsika na vy mikotrana ny sarety manontolo. Voatandriny fatratra tokoa ny saretin-dRabe.

Saingona tsara koa ny omby roa mitarika ny sarety. Tena matanjaka koa izireo, ka mahazaka entana mavesatra, milanja hatramin'ny dimampolo sy fitonjato kilao, hoy Rabe.

Tsy mba mivezivezy miraotra ahitra ombieny ombieny izy, fa efa manana ny hanina vonona rehefa avy niasa : vilona malemy, mangahazo, katsaka voatoto, na vomanga.

Miasa isan'andro anefa ireo omby ireo, satria tsy mba mijanonjanom-poana Rabe, ary tsy tapak'asa mihitsy : mitondra entambarotra ho any an-tsena, mitaona zezika na vokatra. Tateriny avokoa izay rehetra anankaramana azy. Tsy miavona asa, ary tsy midonanapoana.

Mety mahavelona ny raharaha rehetra rehefa atao amimpitiavana sy amim-pitohizana.

**Hazavao :** saingona — miraotra — tsy tapak'asa — taterina — midonana-poana

**Ohabolana :** Ny zoto andrahoana, fa ny laina itonoana.

28



# Nividy zavatra

Efa malefaka dia malefaka ny fanenon'ny radiô. Lany hery ny pile hoy Idada, ka hitondra aho rehefa sendra miakatra eny antanàna.

Efa mila tsy ho re mihitsy no niafarany ary Idada mbola tsy niakatra ihany.

— Mandehana mividy atsy amin-dRasolo. Ny olona rehetra efa manana radiô izao ve, tsy hivarotra izy ?

— Nihazakazaka Indriana ary vetivety dia tafaverina : « Misy hono ry Idada ary ariary enina ny anankiray ».

— Mandehana mividy ry Inaivo, hoy Idada sady nandray ny poketrany izy.

— Aoka ho vidiko, hoy Indriana nitsatsaingona.

Natolotr'Idada azy ny vola ariary zato. Tandremo ary ny famerimbola. Enina vidina.

Nisalasala teo Indriana, nefa lasa.

Hohainy ve ny mamerim-bola ? hoy Ineny. Rasolo ve hanambaka azy, hoy Idada. Sempotra ery Indriana nitondra ny pile sy ny vola niverina.

Ohatrinona no vidiny ary ohatrinona ny famerimbola ? hoy Idada.

Nihanahana fotsiny Indriana. Farany vao nilaza hoe : « Ireny no nomen-dRasolo ».

Valopolo amby zato francs no vidiny hoy aho ary roapolo sy telonjato francs no miverina.


Marina izany hoy Ineny.

Ho haiko izany rehefa lehibe aho, hoy Indriana.

29

**Hazavao** : malefaka — pile — mitsatsaingona — nihanahana

**Ohabolana** : Ny adala no tsy ambakaina, Andriamanitra no mahatahotra.



# Ny omby

Folo ihany ny ombinay : efa-dahy ombilahy mpiasa ary ombivavy enina, ka ny efatra reniomby fa ny roa vao vantony.

— Tsy mba mety mamelona ireny omby vositra harahina tontolo andro ireny Idada, satria sady mandany andro, no sarotra velomina amin'ny ririnina, ary mamono antoka rehefa amidy.

— Nahoana no tsy mba mamelona omby betsaka isika ry Idada nefa loharanon-karena hono izireny ?

— Loharanon-karena tokoa anaka, raha velomina araka ny tokony ho izy. Izany hoe : vidina mbola tanora, ary ambolena ahitra na zavamaniry hafa hampitombo sy hampatavy azy haingana. Amidy ny lehibe sy matavy soloana tanora.

— Misy faritany tsy dia be mponina loatra nefa manana tanety malalaka tsy misy voly ary feno ahitra. Avela hikarenjy eny ny omby ary mamelona ny tenany any tontolo andro sy mandavataona. Amin'izany faritany izany no mety ho foto-karena ny omby angamba.


Aty ampovoantany kosa, dia mety ho loharanon-karena tokoa ny ombivavy be rononо, ny omby tanora hatavezina.

Mampieritreritra ahy tokoa izany tenin'Idada izany.

**Hazavao** : **Vantony — Mamono antoka — loharanon-karena — hikarenjy — mandava-taona — hatavezina**

**Ohabolana** : **Ny omby mahia tsy lelafin'ny namany.**

30



# Ny fanadinana

Efa voaverina tsara ve ny fianarana rehetra ry Inaivo ? hoy Idada, ary matoky tsara ve ?

— Eny ry Idada, efa nikezaka tsara hatrany aho, ary tapitra nojerijereko avokoa ny fianarana rehetra, nefa manahirana ahy ny milaza hoe matoky. Nanao izay tratry ny aiko mihitsy aho.

— Rehefa nanao izay azo natao rehetra, ka tsy misy fotoana lany nilalaovana tsy tamin'ny antony, dia miandry ny vintana.

— Fa haninona izy ry Idada, hoy Indriana.

— Hanala fanadinana izy, ka raha afaka eo, dia any amin'ny Lycée indray no hianatra amin'ny taona ho avy. Any amin'ny renivohitra no misy ny Lycée, ary tohin'ny fianarana ataonareo eto no atao any ; nefa raha tsy mpianatra tena maranitsaina tokoa, dia tsy antonona ny hankany.

Lasa Ineny sy Inaivo ny ampitso ary efatra andro vao tafaverina.

Vao lavitra tsy vita arahaba akory, dia nantsoin'Idada hoe: Nanao ahoana ?

— Afaka soamantsara, hoy Ineny nitsikitsiky.


Nifamonjy nifampiarahaba izahay mianakavy, faly tamin'ny nahafahan'Inaivo.

Mba hanezaka mafy aho, hanaraka ny dian'Inaivo, satria hitako fa mahafaly an'Idada sy Ineny ny mahomby amin'ny fanadinana.

31

**Hazavao :** tsy mahatoky — matoky tena — tratry ny aina — Lycée — manezaka

**Ohabolana :** Ny valala aza, raha tsy andrian'ilika tsy azo.



# Valisoa

Ventin-dresaka tao an-trano ny fanadinan'Inaivo.

— Nanao ahoana sy ahoana ry Inaivo ? Inona no sarotra ary inona no mora ?

— Toa sarotra avokoa teo am-panaovana na ny sora-tononina na ny lahasoratra na ny marika. Nangovitra mafy aho, nefa nony efa vita ny zavatra rehetra vao nahazo toky aho.

— Ka inona anaka no tianao fa nampanantena valisoa anao aho raha mahomby hianao. Trosa ny fampanantenana ka handoa ny trosako amin-kafaliana aho.

— Lazao, hoy Ineny.

— Te-hilaza aho ry Ineny nefa sao dia lafo loatra ka hanahirana antsika ny vidiny.

— Lazao anaka, hoy Idada, fa zaza hendry hianao. Matoky aho fa hahay hifidy ny antonona hianao.

— B... bisikileta no mba tiako ry Idada.

— Inona no mba loko tianao, hoy Idada ?

Mirana tokoa ny endrik'Inaivo teo am-pilazana hoe : maitso ry Idada.

Malomaloka toa malahelo endrika izahay ankizy rehetra.

Hitan'Inaivo izany ka hoy izy : Izaho no hividianan'Idada azy, fa isika rehetra no ho tompony ka samy mahazo mitaingina avokoa.

— Tsara dia tsara izany anaka.

Mba ho sahy hitaingina ny bisikileta va re aho ?

**Hazavao :** soratononina — lahasoratra — mahomby — trosa — malomaloka

**Ohabolana :** Ataovy fihavanam-bava sy tànana ; raha maharary ny tànana, mitsoka ny vava ; raha maharary ny vava misafo ny tànana.

32



# Ny mpamboly anana

Tsy mba manana tanimbary na dia tsivalan-dia aza Ratelo, nefa tsy mbola nandrifotsy na dia indray andro aza. Tsy miompy na omby iray aza, izy, reniakoho dimy na enina angamba no velomin-dRasana vadiny. Nefa mitafy tsara izy mianakavy, ary mianatra daholo ny zanany ampy taona.

Voly anana fotsiny no fotopivelomany. Tany kely tsy ampy iray hektara no voleny sy kolikoleny tsara. Voazarazara toritra maro sy mahitsy tsara. Maniry ao, na ny anana gasy, na ny legima vazaha isan-karazany : ny voatabia toy ny totohondry, ny laisoa mitovy amin'ny loha, ny poarao toy ny fary, ny anamamy milenodenoka, ny anatsonga, ny tsaramaso maitso.

Vatran-dRatelo koa ny fikarakarana azy : ny zezika, ny fiavana, ny famonoana bibikely. Tsy diso ny tondraka marain-tsy hariva.

Tsy mba mivarotra any an-tsena anefa Ratelo, fa ny mpandafy no tonga eo isan-kerinandro mamongady ny vokatra rehetra, ka mitondra azy amin'ny sarety. Ny mpamboly vary tsy manana vokatra raha tsy fararano, fa Ratelo mampakatra mandava-taona.

Fanalana andro no iheveran'ny maro ny fambolen'anana nefa raha imasoana sy atao anton-draharaha, dia lahasa miantoka ny fameloman-tena.

**Hazavao :** tsivalan-dia — mandrifotsy — fotopivelomana — legima — poarao — mpandafy — mamongady.

**Ohabolana :** Ambohimanambola no voka-tsaramaso ka Ambohimanarina no mivozihi-kibo.



# Ny veterinera

Loza ity, hoy Ineny : maty Ikalamainty ilay nikotrika iny.

Nifamonjy izahay nijery ka ity izy mitsitra eo ambony atodiny Nalahelo avokoa saika latsa-dranomaso izahay rehetra.

— Barika ity, hoy Idada, ka tsy maintsy vonjena haingana ; fa tapitra ireo akohonao ireo, Ravao, raha tsy izany.

Haka ny dokoteram-biby aho ary mandra-piandry azy, dia tandremo ny akoho sasany sao miditra ao an-tranon'ny reniakoho.

Nandoran'Idada solifara tao an-tranon'akoho rehetra, ary nalevina lalina dia lalina Ikalamainty. Azo hanina iny, hoy Idada, tsy misy atahorana saingy maharikoriko ny mihevitra fa henakoho matin'aretina no hanina.

Tonga ny dokoteram-biby nony maraina. Tsy nisy navoaka ny akoho niandrasana azy. Nataony vakisiny avokoa ny akoho lehibe sy ny vantotrakoho, vao navoaka, ary nisy ranompanafody nasainy nanasana ny tranon'akoho rehetra.

— Efa nandorako solifara tao am-pikotrehana, hoy Idada.

— Tsara indrindra, nefa aleo manan'amby toy izay tsy ampy.

Nojeren'ny veterinera ny tranon'omby, ny tranon-kisoa, ny tranom-borona sy ny tranon'akoho. Noderainy fatratra Idada tamin'ny hadiony.

Nahabe fanantenana ny hisondrotan'ny harentsika vetivety raha toa anao avokoa ny tantsaha rehetra.

**Hazavao :** veterinera — barika — solifara — maharikoriko

**Ohabolana :** Afa-nenina hatrany an'ala lava ka hatrany an'ala fohy.
Tsy misy tsy te-ho Rasalama fa tsy avelan'ny aretina.

34



# Fanatsarana ny tany

Manan'aina ny zavamaniry rehetra. Noho izany, dia mila sakafo toy ny olombelona sy ny biby izy. Saingy tsy mba misy vavany hita maso, fa ny fakany no mitsentsitra ny rano mifangaro sakafo mahavelona azy, ary mahavanona azy.

Tsy maintsy tonga ranony ny sakafony vao mba azony ampidirina any anaty tenany.

Tsy afaka mandehandeha mitady sakafo koa izy, fa izay tany nahaterahany na nisy azy hatramin'ny fiandohana ihany no tsy maintsy ipetrahany. Ka izay sakafo azon'ny fakany eo amin'ny toerana aniriany ihany no mba mety hahasoa azy. Izany no tsy maintsy anomezana zezika azy, sy rano handevona ny sakafo ao amin'ny zezika. Tokony hotondrahana marain-tsy hariva ny voly maniry amin'ny tany maina, raha tiana ho tsara faniry. Ny hazo efa lehibe ihany no tsy mila tondraka loatra, na tsy mila intsony.


Samihafa araky ny karazan' ny zavamaniry ny karazan-tsakafo ilainy. Koa ovavana ny voly amin'ny tanimboly anankiray, mba tsy hamonomosary ny voly mandimby namana.

Tokony hoheverina ary ny momba ireo tanimbary izay tsy ambolena hafatsy vary hatrany hatrany. Moa ve amin'ny tanimbary maina, rehefa afaka ny vary, tsy azo ambolena voly hafa, toy ny anana ?

35

**Hazavao :** mahavanona — marain-tsy hariva — handevona ny sakafo — ovavana — ny voly mandimby namana

**Ohabolana :** Ny hazo no maniry, asesiky ny fakany.



# Ny lehiben'ny fambolena

Novorin'ny lehiben'ny tanàna ny mpamboly rehetra fa hitsidika azy hono ny manam-pahaizana manokana momba ny fambolena.

— Fa angaha sarotra ny fambolena ry Idada ? Fa tsy asaina fotsiny ny tany, dia asiana zezika ary dia tsatohana mangahazo na vomanga, na fafazana voa ? Ny miandry ny vokatra sisa atao.

— Tsy misy zavatra tsy ilana fahaizana anaka hoy Idada, ny fianarana no ahazoana manatsara hatrany izay atao. Mora foana ny mampaniry vary na tsaramaso, fa ianarana kosa ny fomba ahazoana vokatra betsaka sy tsara tarehy, izay ahazoana tombony sy valin-kasasarana mahomby.

Dia tonga ny mpitsidika ny fambolena ary noraisina tao an-tranompokonolona.

— Mpamboly daholo hianareo hoy izy, tsy tokony ho toroana voanjo ho hadina. Nefa azo hatsaraina ny mahazatra. Ny voa tsara indrindra no afafazo. Ampifandimbiaso ny voly amin'ny tany anankiray. Rehefa afaka ny vary, dia azo volena tsaramaso na petipoa amin'ny ririnina ny tanimbary maina.

Betsaka ny torohevitra nomeny sy hafatrafatra nataony. Saingy ho an'ny olondehibe ihany, ka tsy nihaino hatramin'ny farany izahay ankizy.

— Harahiko daholo izay nolazainy, hoy Idada taminay, nony tonga tao an-trano izy.

**Hazavao** : ny lehiben'ny fambolena — manatsara — mahomby — ampifandimbiaso

**Ohabolana** : Tsy mety raha malai-manetsa nefa faly mijinja.

36



## Ny mpiasa-tànana

Mpamboly sy mpiompy avokoa ny mponina ao an-tanananay. Nefa samy miezaka mampianatra ny zanany avokoa.

Nahavita fianarana ny zana-dRalahy ka tafaverina vao haingana. Te-hahalala bebe kokoa momba azy izahay ankizy ka nifanontany hoe : Inona moa izany fianarana vitany izany ary tafaverina eto an-toerana izy. Ka dia hipetraka ve ?

Renay fa rafitra no nianarany sy nahazoany mari-pahaizana. Ka hanao ny asa nianarany izy.

Nanorina trano heva kely izy, dia nandamina ny fiasany rehetra.

Mba nijery izay nataony aho indray andro.

Latabatra lavalava sady matevina no iasany. Ary manana fiasana maro izy. Nolazainy ahy avokoa ny anarany : tsofa maro karazana, vakona dimy, misy kely sy lehibe, ny fandraka koa maromaro, ny maritô, ny homamanta, ny ekera, ny metatra sy ny sasany tsy tadidiko.

Nandrafitra seza indrindra izy no namangy azy aho, kinga ery ny fiasany ary sady malama tsara sy mahitsy no miadirafitra tsara ny zava-bitany.

Angamba mba rafitra koa no hianarako rehefa lehibe aho, satria mahafaly ny mahavita zavatra tsara tarehy.

37

**Hazavao :** vakona — homamanta — ekera — miady rafitra — zava-bitany

**Ohabolana :** « Indro kely », hoy ny mpandrafitra ... tsy mahay.



# Hosy tanimbary

Tsy mba mety mampiasa angadin'omby sy hersa Raleva, fa tsy mahatsara vary, hono, ireo. Ny vadi-baingan'angady tànana sy ny tongotry ny omby ihany no mbola ankamaminy.

Dia mampihosy ny tanimbariny ary Raleva ka omby mihoatra ny enim-polo sy olona manakaiky ny zato no indray nindraminy.

Nanakoako eran'ny lohasaha ny horakoraka nataon'ireo olona nanenjika ny omby sy nampamerimberina azy isaky ny valamparihy. Izay ialan'ny mpihosy irotsahan'ny mpanetsa.

Tapak'andro mahery kely foana dia vita avokoa ny lahasa ary hita falifaly Raleva.

Fikambanana tokoa no hery. Nefa nandaniany vary zato kilao sy henan-kisoa nomena roanjato ariary.

Tsy latsaky ny valonjato ariary no lanin-dRaleva. Raha nampiasa hersa kosa izy, dia ho vitany sy ny zanany lahy anankiray tao anatin'ny indroa andro ny hosy. Ary vehivavy dimy dià ho nahavita ny ketsa indray andro. Telopolo dimy, dimam-polo amby zato, ary raha tombanana ho efapolo tsirairay isan'andro ny karaman'izy mianaka, dia enim-polo amby zato. Ariary folo sy telonjato no ho nahavita ny ketsa.

Aiza ho aiza ny valonjato sy ny telonjato!

Anao no mampitovy hahalalanao ny mety.

**Hazavao** : **Hersa — vadi-bainga — lahasa**

**Ohabolana** : **Hevitrevero ihany fa inenin'ny vata no vary iray.**

**38**





# Mafanafana Indriana

Salama tsara daholo izahay mianakavy. Indraindray foana no mba misy serena kely na mitaraina ho marary an-doha.

Tratry ny orambe teny an-dalam-podiana izahay indray andro. Kotsabe vao tonga taty an-trano; nangovitra sy nitaraina hatsiaka Indriana.

Nisolo akanjo haingana izy, ary nasain'Ineny namonjy fandriana niaraka aminizay sady nirakotra tsara. Nampisotroin'Ineny dite mangotrakatraka, nefa mbola tsy nahazo hafanana hono.

Nahamay be ny hoditr'Indriana mandrak'alina. Nahatratra sivy amby telopolo hono ny hafanany. Vao marainakoho dia lasa niezaka naka dokotera i Dada.

Nitsapa ny hafanana indray ny dokotera sady nihaino ny tratran'Indriana tamin'ny fiasany : nojereny ny ativava.

— Tsy maninona akory hoy izy, fa hotsindroniko indray mandeha fotsiny. Ataovy mafana tsara ary aza omena ventinkanina na kely aza.

Lasa ny dokotera ary nahazo toky izahay rehetra.

Tsy maninona intsony Indriana ny ampitso nefa mbola tsy navelan'Ineny niala teo am-pandriana.

Nitaraina noana mafy, ka nomen'Ineny sosoa malemy sy ronono. Miarina hianao rahampitso, hoy izy, ary misakafo toy ny andavanandro. Hita mirana avy hatrany ny endrik'Indriana.

**Hazavao** : **serena — kotsabe — tsy nahazo hafanana — hafanana mahatratra sivy amby telopolo**

**Ohabolana** : **izay marary andriana.**